

Ryan Reyes, Teratany Filipianina, niditra niasa tao amin'ny orinasa Ambatovy ny taona 2012, matin'ny Covid-19 tao amin'ny Clinique ISOS ny 18 Mey 2020

**TSINDRIO ETO**

***Tena raharaha tokoa no nitranga tao amin'ny orinasa Ambatovy ny 18 Mey 2020. Nodimandry mantsy ny mpiasa mizaka zom-pirenena filipianina. Ary tena lavon'ny Covid-19 izy, tompoko. Teo vao tena taitra ny rehetra. Izahay mpanao gazety moa dia miaraka miombona alahelo amin'ny fianakavian'i Ryan sy amin'ireo mpiara-miasa aminy ary ny mpampiasa azy. Fa fantatreo marina ve inona izany hoe orinasa Ambatovy izany ? Tantara tokoa. Andao ary.***

Ny taona 1911, izany hoe tao anatin'ny fanjanahantany no fantatra fa manana nikela ny Nosy malagasy, araka ny fikaroan'ny « Syndicat Minier de Madagascar » tamin'izany fotoana izany.

Rehefa tonga ny fiverenan'ny « fahaleovantenan 'i Madagasikara », ny taona 1960, dia hitan'iza ny « Service géologique de Madagascar » izany fa ao Ambatovy sy Analamay no tena misy nikela be indrindra. Nanomboka teo ka hatramin'izao dia toa zary saribakoly malagasy eo am-pelatanan'ny vazaha ny BRGM (« Bureau de recherches géologique et minière de Madagascar »). Nisy aloha izany « Syndicat de Moramanga » izany ka izao avy no nandrafitra azy io : BRGM : 85% ; Ugine: 15%. Nandeha ny volana, nifandimby ny taonafa dia nanjavona tsy hita tabilao intsony io BRGM io. Ny taona 1969 ka hatramin'ny taona 1997 dia ireto avy ny orinasa nifandimby eo amin'ny « fikaroana » mikasika ny nikela eto Madagasikara : UGINE Kuhlmann, Pechiney, SLN, ACC sy COFIMER, Omnimines. Io taona 1969 no nahafantarana fa maharitra 40 taona ny tahiry nikela ao Ambatovy sy Analamay.

Nisy fotoana nitsanganan’izany « Groupement d’Etude de Nickel de Moramanga » (GENIM) izany, izay nivondronan’ny UGINE Kuhlmann (31%), Orinasa « Le Nickel » (31%), Anglo-American (21%), BRGM (9%) sy COFIMER (4%) ary Omnimines (4%). Nihena toa fen’antitra izany ny Malagasy… Teo anelanelan’izany anefa, ny taona 1979, dia nisy Koreana avy any avaratra (tamin’ny andron’i Kim il Sung) na navela nanondrana nikela milanja 2.000 taonina. Ahoana daholo ny mikasika ny vola amin’izany ? Afaka manazava ve ny Amiraly Didier Ratsiraka ? Sa « rano latsaka » dia vita ?...

Teo anelanelan’ny taona 1994 sy 1998 dia niditra an-tsehatra ny orinasa Phelps Dodge Madagascar SARL (PDM). Ary dia nandavaka tao Ambatovy sy Analamay izy io nafahana nahalala fa misy akora nikela 83 tapitrisa taonina ao amin’ireo toerana ireo. Tampoka teo anefa, ny taona 1999, dia nahanton’ny fitondrana tamin’izany ny asan’ny PDM ary dia namoaka lalàna vaovao mifehy ny fitrandrahana harena an-kibon’ny tany amin’izay mety ho endriny rehetra ny Fanjakana Malagasy. Ny asa rehetra fikaroana moa dia Malagasy ny ankamaroany. Ny marina dia herin’ny sandry no tena niasa… Fa iza marina ny Malagasy nanana petra-bola tao amin’ny PDM ? TSy maintsy nisy izany.




Ny taona 2002 ary dia nanomboka nanan-kery ny LGIM na « Loi sur les Grands Investissements Miniers ». Io lalàna io no miantoka ny fahamarinantoerana amin’ny lafiny lalàna sy mampirisika ireo fampiasam-bola eto Madagasikara. Anisan’ny « tombonsoa » ho an’ny Malagasy ny tsy maintsy hampidirana mpiasa tera-tany eto an-toerana. Rehefa misy moa ny lalàna dia misy amin’izay ny atao hoe « cadre d’action ». Anisan’izany ny fanomezana fahazoan-dàlana na « permis » isan-karazany ary andoavam-bola amin’ny fanjakana izany. Tsy ho takatry ny maro an’isa ny fomba fomba amin’izany aloha fa izao ny zava-nisy :

Natambatra ho fahazoan-dàlana iray ihany ireo fahazoan-dàlana hanao asam-pikarohana azon’Ambatovy. Mitondra ny anarany hoe Permis 459 izy ioka mahakasina velarantany mirefy 14.375 hektara. Ngeza makadiry anie izany ry zalahy an ! Nipoitra indray ary ny orinasa PDM ary nitambatra tamin’izany Dynatec Corporation (Canada) izany izay nanana ny 53%-ny

velarantanin'ny Ambatovy. Izy ireo no lasa hoe Dynatec Madagascar SARL (DMSA), ary mino isika fa nisy Malagasy nanana petra-bola tao. Ary mino koa isika fa Malagasy manana andraikitra ambony eto amin'ny firenena…

Ny fiovan'ny orinasa momba ny nikela eto Madagasikara dia tena mahavarina tokoa. Fa ny tantara tsy azo foronina. Nandritra ny telo taona dia « niasa mafy tokoa ny DMSA «nanatanteraka ny fandavahana ho amin'ny fikarohana, fanadihadiana feno momba ny fetezan'ny fitrandrahana ary fanadihadiana amin'ny antsipirihany ny mety ho fiantraikan'ny Tetikasa amin'ny tontolo iainana sy ny sôsialy ». Teo anelanelan'izany anefa, novidian'i Dynatec tamin'i PDM ny 47% ambin'ny orinasa Ambatovy, ka 1,8 tapitrisa dôlara amerikana no nahazoany azy. Novidian'i Sumitomo Corporation, orinasa avy any Japon, ny 25%-n'ny Tetikasa, ary an'i Dynatec kosa ny 75% ambiny. Fa iza marina ireo tena tompon'io tetikasa Ambatovy io ? Tonga ny taona 2006.

Nomen'ny fitondrana Marc Ravalomanana fahazoan-dàlana hitrandraka mandritra ny 40 taona ny Tetikasa. Manana petra-bola amin'izany ve i Dada ?... Asa aloha fa ny Dynatec no mpitantana ny tetikasa teo ary tompon'ny 45%-n'ny orinasa. Nidina 40% anefa izany rehefa azon'ny orinasa SNC-Lavalin Group Inc. (SLI) ny 5%-ny. Niverina ny Koreana fa avy ao atsimo indray, tamin'ny alalan'ny Korea Resources Corporation (KORES) lasa mpametra-bola mitana ny 27,5%-n'ny orinasa, ary koa ny Japonay Sumitomo Corporation, manana petra-bola 27,5% ihany koa. Rehefa nomen'ny Office National pour l'Environnement (ONE) fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana (« permis environnemental ») dia ny orisana SLI no nahazo ny fifanarahana ho fanatanterahana ny asa fanorenana fotodrafitra rehetra sy ny fampitaovana ary ny fitantanana ny asa fanorenana ho an'Ambatovy.

Taona 2007. Io no taona azolazaina fa niantomboan'ny maha Ambatovy an'Ambatovy ary teo amban'ny fitondrana Ravalomanana hatrany. Nahazo ny fankatoavana avy amin'ny Fanjakana Malagasy amin'ny fidirany amin'ny LGIM Ambatovy. Nanomboka ny asa fanarenan-tany. Novidian'ny Sherritt International Corporation (Canada) 1,7 miliara dôlara amerikana ny Orinasa Dynatec. Nafindra tamin'i Sheritt avokoa ny anjaran'i Dynatec ka lasa mpitantana ny Tetikasa nanomboka teo i Sherritt. Ny 7 Novambra 2007 no nisokatra tamin'ny fomba ôfisialy tao amin'ny Faritry ny ozinina ny fiantombohan'ny fotoam-panorenana ny fotodrafitrasa. Tamin'izany dia efa nampiasa olona miisa Nampiasa olona mihoatra ny 12.000 ny Ambatovy.












*AMBATOVY : TOMPON-TRANO MIONONA HATRANY NY MALAGASY.*

La Gazette de la Grande Ile

Fake News
En hausse avec les cas de Covid-19 !

Fleury, Fanirisoa, Lalatiana
... Même style !

Editorial
Ascension !

Un vol spécial prévu pour demain

Fin du recensement ce jour

A qui vont-elles profiter une fois récupérées ?

Commence à prendre de la vitesse !

Bon nombre de Malgaches n'en ont pas encore reçu !

Des sanctions sévères pour les hors-la-loi

Iles Eparses
Madagascar dans son bon droit

Ny fitsarana sy ZP, hoy ny depiote Lucien sy Brunel

Mifanohitra ny minisitra sy ny SG

CHRONIQUE
Les enjeux d'une restitution

NY STRESS NA TEBITEBY ATERAKY NY COVID-19

Iza no hasolon'i Lafrantsa azy ?


AMBATOVY
Tompon-trano mionona hatrany ny Malagasy